# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Jona 2018

**15** **Zoma**
jona

**Ianareo vehivavy, maneke ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo. Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no Lohan'ny fiangonana. Ianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy.** Efesiana 5. 22-23, 25

**Ny fanambadiana (4) : ny ohatra nasehon'i Kristy**

Mbola omen'Andriamanitra fanamarihana isika, momba ny fanehoana fitiavana eo amin'ny mpivady kristiana. Ho an'ny lahy, ny anjara asany lehibe indrindra dia ny mitia ny vadiny am-pahafoizan-tena, „tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana". Ary fantatsika ny fomba nitiavan'i Kristy ny fiangonana, dia ny nahafoizany ny zony rehetra sy nanolorany ny ainy hamonjeny azy ! Ny hoe tia ny vadiny, dia mihoatra lavitra noho ny fiantohana ny fivelomany isanandro. Ny hoe tia vady dia mahay misaotra azy, malemy fanahy, marina, mahari-po, miteny mora aminy na dia reraka avy any am-piasana aza, mandimby azy amin'ny fikarakarana ny ankizy... Ny hoe tia vady dia mitady koa izay hahasambatra azy, izay hahasoa azy amin'ny lafiny rehetra : ara-batana, ara-piarahamonina, ara-pitiavana, ary ara-panahy.

„Tahaka ny aneken'ny fiangonana an'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra" (Efesiana 5. 24). Antso ho an'ny vehivavy kristiana io andinin-6 tra Masina io, fa tsy fanomezan-dalana velively ny lehilahy hitaky izany fanekena izany ! Ny andraikitry ny lahy dia ny mikarakara ny vavy. Izany koa dia fiezahana hahatakatra izay mahazo azy, fiezahana „manaja ny vavy" (1 Petera 3. 7).

Na ny vavy na ny lahy, aoka samy hanana fahatsaram-po ho an'ny vadintsika, toy ny ataon'Andriamanitra amintsika. Tsy horaisintsika ho zavatra tsy azo arenina ireo fahadisoany, fa ho tranga anehoantsika aminy ny famelan'i Kristy ny helotsika.

Amin'izay ny fiainan-tokantranontsika dia hampiseho an-tsary ny fitiavan'i Kristy ny Fiangonany.

*(amin'ny heriny ny tohiny)*